



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-129

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA-001-2021/PR MOMBA NY FANANGANANA VAOMIERA MPANAO FANADIHADIANA MIKASIKA NY FITRANDRAHANA, FIVAROTANA ARY FANONDRANANA ANTSOKOSOKO NY VOLAMENA ETO MADAGASIKARA, NATOLOTR'ANDRIAMATOA MOHAMAD AHMAD, SOLOMBAVAMBAHOAKA VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'I FENOARIVO ATSIANANA SY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA NAMANY

Fivoriana Faha-9  
Natao ny  
Alatsinainy 31 Mey 2021  
- Maraina -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**FOTOANA:** Alatsinainy 31 Mey 2021, tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra ny Tolo-pehin-kevitra laharana-001-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar», natolotr'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana sy ny Solombavambahoaka namany.

Nitohy ny Alatsinainy 31 Mey 2021, tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niarahaba manokana ny vehivavy tamin'ny fahatratraran'izy ireo ny fetin'ny Reny.

Nisaotra ny olona rehetra niarahaba sy nirary soa azy, Ramatoa Filoha ary nilaza fa efa mijery ny fomba hamaliany izany firarian-tsoa izany faran'izay haingana.

Taorian'izay, niangavy ny teknisiana miandraikitra ny Informatika ato amin'ny Antenimierampirenena ny tenany mba hanamarika ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana amin'ny fotoana mahamety izany.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza eo ambony, Ramatoa Filoha, izay fovoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana-001-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar» izay natolotr'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana sy ny Solombavambahoaka namany.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha, hamaky ny tatitra.

Nanambara, Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Filohan'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika, sady mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra, raha nomena fitenenana, fa mbola any ampitan-dranomasina ny tenany, ka hohazavainy amin'ny ankapobeny ny antony tsy nahavitan'ny fananganana ny vaomiera mpanao fanadihadiana.

Nomarihany fa nahemotra ny asam-baomiera voalaza teo aloha noho ny tsy fahampian'ny Solombavambahoaka mpikambana ao aminy tonga nanatrika ny fivoariana. Nambarany fa noho ny tsy fahafahany mody eto an-tanindrazana dia tsy afaka manetsiketsika ny mpikambana ao amin'io vaomiera io ny tenany mikasika ny fivoriana tokony hatao amin'ny hananganana izany; ka izay no antony tsy nahatanterahana ny fivoriana tamin'ny fandinihana ity Tolo-pehin-kevitra ity.

Tsy nisy Solombavambahoaka nandray fitenenana ka ny solotenan'ny Governemanta no niangavian-dRamatoa Filoha, hiteny raha manan-kambara mikasika ny Tolo-pehin-kevitra.

Nanamarika Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo, Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, fa anisan'ny tonga tamin'ny fivoriana saika hatao ny tenany. Nambarany fa zava-dehibe ho an'ny firenena koa ny fampiharana ity Tolo-pehin-kevitra ity rehefa lany amin'ny fivoriambe ataon'ny Antenimierampirenena satria ho tonga amin'ny fitrandrahana sy fivarotana volamena ara-dalàna amin'izay ny mpitrandraka izany sady hanaraka ny lalàna velona misy eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Tsy tanteraka anefa ny asam-baomiera tokony hatao; noho izany, tsy maintsy miandry ny fotoana hivoriana amin'ny manaraka indray isika.

Rehefa izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa tsy maintsy ahemotra ny fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana-001-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar» izay natolotr'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Fenoarivo Atsinanana sy ny Solombavambahoaka namany, satria tsy tanteraka ny asam-baomiera nokasaina hatao.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR "tendant à la creation d'une Commission d'enquête Parlementaire sur les activités des Opérateurs en Télécommunications", atolotr'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy sy ny namany, hatao anio amin'ny 3 ora, tolak'andro.

Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba havitrika amin'ny fanatrehana izany.

Niato tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona